



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA ZOMA 6 NOVAMBRA 2020

Pasteur Falimanana RAHARINDRANTO

Lohahevitra: FANDRESENA SY FITSANGANANA TAMIN'NY MATY

(Lio 23.50 – Lio 24.12)

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina. Amen
HIRA 141.1,5 (Efa Resy Izaon na dia ny Fasana aza)

Vavaka Fanombohana

Teny fampidirana ny andalan-tsoratra masina

HIRA 208.1,4 (Ny Teny Masinao)

Vakiteny 1 LIO 23.50-56 (Josefa avy any Arimatia)

« Ary, indro, nisy lehilahy atao hoe Josefa, izay isan'ny Synedriona, dia lehilahy tsara fanahy sady marina. » (Lioka 23:50) « Izany lehilahy izany tsy nanaiky ny hevitra sy ny nataon'ny sasany; avy tany Arimatia, tanànan'ny Jiosy, izy sady niandry ny fanjakan'Andriamanitra. » (Lioka 23:51) « Izany lehilahy izany dia nankao amin'i Pilato ka nangataka ny fatin'i Jesosy. » (Lioka 23:52) « Dia nampidininy ny faty ka nofonosiny hariry madinika, dia naleviny tao amin'ny fasana nolavahana tamin'ny vatolampy, izay tsy mbola nandevenana olona. » (Lioka 23:53) « Ary andro fiomanana izany andro izany, ka efa antomotra ny Sabata. » (Lioka 23:54) « Ary ny vehivavy izay nomba Azy avy tany Galilia dia nanaraka teo aoriana ka nahita ny fasana sy izay fampandriny ny faty. » (Lioka 23:55) « Ary niverina ireo ka namboatra zava-manitra sy menaka manitra. Ary tamin'ny Sabata dia nitsahatra ihany izy araka ny lalàna. » (Lioka 23:56)

Fanazavana Fohy

HIRA 115.1,4 (Jesoa Tompo Lehibe)

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA ...

VAVAKA MPITANDINA ...

VAKITENY 2. LIO 24.1-5 (Tsy ao amin'ny maty no misy ny velona)

« Fa nony maraina koa tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro, dia nankany amin'ny fasana izy nitondra ny zava-manitra izay efa namboariny. » (Lioka 24:1) « Ary hitany fa, indro, ny vato efa voakodia niala tamin'ny fasana. » (Lioka 24:2) « Dia niditra izy, nefa tsy nahita ny fatin'i Jesosy Tompo. » (Lioka 24:3) « Ary raha, mbola very hevitra tamin'izany izy, indreo, nisy roa lahy niseho taminy nitafy fitafiana manelatrelatra. » (Lioka 24:4) « Ary nony natahotra izy ka niankohoka, dia hoy izy roa lahy taminy: Nahoana no ato amin'ny maty no itadiavanareo ny velona? » (Lioka 24:5)

Fanazavana Fohy

HIRA 128.1 (Efa Velona ny Tompo)

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA ...

VAVAKA MPITANDINA ...

VAKITENY 3. LIO 24.6-8 (Tsy ato Izy fa efa nitsangana)

« Tsy ato Izy fa efa nitsangana; tsarovy ny teny izay nataony taminareo, fony Izy mbola tany Galilia, hoe: » (Lioka 24:6) « Ny Zanak'olona tsy maintsy hatolotra eo an t'anan'ny mpanota ka hohomboana amin'ny hazo fijaliana ary hitsangana amin'ny andro fahatelo. » (Lioka 24:7) « Dia nahatsiaro ny teniny izy. » (Lioka 24:8)

Fanazavana Fohy

HIRA 146.1 (Anao ny Dera)

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA ...

VAVAKA MPITANDINA ...

VAKITENY 4. LIO 24.9-12 (Ireo Vehivavy No Evangelista Voalohany)

« Ary niverina niala tamin'ny fasana izy, dia nilaza izany rehetra izany tamin'ny iraka ambin'ny folo lahy sy ny namany rehetra. » (Lioka 24:9) « Teo Maria Magdalena sy Johana ary Maria, renin'i Jakoba; ary ny vehivavy sasany izay naman'ireo koa dia nilaza izany tamin'ny Apostoly. » (Lioka 24:10) « Nefa nataony ho arirarira foana izany teny izany ka tsy ninoany. » (Lioka 24:11) « Fa Petera nitsangana, dia nihazakazaka nankany amin'ny fasana; ary niondrika izy ka nahita ny lambam-paty mipetraka mitokana; dia lasa nody izy sady gaga noho ny zavatra izay tonga teo. » (Lioka 24:12)

Fanazavana Fohy

HIRA 146.3 (He Ravo Aho)

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA ...

VAVAKA MPITANDINA ...

Teny FANDRAVONANA

Andalan-tsoratra masina fandravonana Asan'ny Apostoly 2:24

« fa Andriamanitra nanangana Azy, rehefa nahafaka ny fanaintainan'ny fahafatesana, satria tsy laitr'izany hohazonina Izy. » (Asan'ny Apostoly 2:24)

HIRA 167.1,3

TSO-DRANO